

FAHAZAVANA AVY AO AMIN'NY FITOERANA MASINA
Lesona 8 hatao ny 25 May, 2024



"Manana Mpisoronabe toy izany isika, dia Ilay efa mipetraka eo amin'ny ankavanan'ny seza fiandrianan'ny Avo Indrindra any an-danitra, Mpanao fanompoam-pivavahana ao amin'ny fitoerana masina sy ny tena tabernakely, izay naorin'ny Tompo, fa tsy olona"
(Hebreo 8:1, 2)

Tsy maintsy niverenana nodinihina indray ny faminaniana rehefa tsy niverina tamin'ny 1844 i Jesosy, araka ny asehon'ny faminaniana 70 herinandro sy 2300 andro. Ary toy izao ny hitan'izy ireo:




Ny fanadiovana ny fitoerana masina dia tsy ny Fiavian'i Jesosy Fanindroany. Raha manambara toe-javatra mitovy ihany ny Daniela 8:14 sy ny fitsarana ao amin'ny Daniela 7:9-10, fitoerana masina aiza no mila diovina? Etsy an-daniny koa, fitsarana inona no nanomboka tamin'ny 1844?

- Ny tena Fitoerana Masina.
- Ny fanadiovana.
- Ny Fitsarana.
- Famindrampo sy ny rariny.
- Ilay Mpisolovava sy Mpanelanelana.

# NY TENA FITOERANA MASINA

"Mpanao fanompoam-pivavahana ao amin'ny fitoerana masina sy ny tena tabernakely, izay naorin'ny Tompo, fa tsy olona" (Hebreo 8:2)

Raha tsy ilay eto an-tany ny fitoerana masina hodiovina, ilay aiza/izy iza





Rehefa nandinika ny Baiboly, ireo Advantista taorian'ny fahadisoam-panantenana tamin'ny taona 1844 dia nahita fa misy fitoerana masina roa:

- Fitoerana masina eto an-tany, tandindona sy alok'ilay tena izy (Heb. 8:5)
- Fitoerana masina any an-danitra, izay naorin'Andriamanitra (Heb. 8:2)

Ny fitoerana masina voalohany sy ny tempoly izay taoriany hatramin'ny taona 70 AD. dia naorina araka ny modely nasehon'Andriamanitra tamin'i Mosesy (Eks. 25:40). Tamin'izany ny tena Zanak'ondry sy Mpisoronabe dia maneho an'i Jesosy (Jaona 1:36; He 4:14).

Voalohany, nanolotra ny tenany ho antsika Jesosy hanesorana ny fanamelohana noho ny fahotantsika (Rom. 5:8); ary avy eo, dia mifona ho antsika Izy, manafaka antsika amin'ny fahefan'ny ota, sy manome antoka ny famonjena antsika (Heb







# NY FANADIOVANA NY FITOERANA MASINA



*“Dia hanao fanavotana ho an'ny fitoerana masina izy noho ny fahalotoan'ny Zanak'Israely sy ny fahadisoany, dia ny fahotany rehetra”* (Lev. 16:16a)

Na dia voavela heloka aza ny Israelita tamin’ny fitondrany fanatitra, dia “nafindra” tao amin’ny fitoerana masina ny fahotany. Noho izany, dia nilaina ny fanadiovana azy. Amin’ny andro fanavotana izany no tanterahina, izay fantatra ankehitriny eo amin’ny Hebreo ho andro fitsarana.



Hampahory ny tenany ny tsirairay (Lev. 23:27)



Tsy misy raharaha azo atao (Lev. 23:28)



Hiditra eo anatrehan’ Andriamanitra ny mpisorona be (Lev. 16:12-13)



Diovina @ ran’osilahy ny fiaran'ny fanekena, ny efitra lamba ary ny alitara volamena (Lev. 16:15-19, 33)



Misy osilahy iray mitondra ny heloka ho any an-efitra (Lev. 16:20-22)



Dia ho voadio ho afaka amin’ny fahotany izy ireo (Lev. 16:30)

Raha misy olona tsy mety miory amin’izany andro izany, tsy mibebaka amin’ny fahotany, dia “hofongorana” izy (Lev. 23:29–30). Voaisy tombo-kase amin’io andro io ny anjarany. Toy izany koa, rehefa vita ny fanadiovana ny fitoerana masina any an-danitra, dia ho voaisy tombo-kase ny anjarantsika. Koa, ankehitriny no andro fioriantsika: andro fanapahan-kevitra (Heb. 3:14-15).

# NY FITSARANA





"nanao tamin'ny feo mahery hoe: 'Matahora an'Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy; fa tonga ny andro fitsarany; ary miankohofa eo anoloan'izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano''" (Apokalypsy 14:7)

**Araka ny faminaniana, dia nanomboka tamin'ny 1844 ny fanadiovana ny Fitoerana Masina any an-danitra – izany hoe ny Andro Fitsarana. Nanomboka hatreo, ny Fiangonana Advantista dia manambara amin'ny feo mafy fa tonga ny andro fitsarana, ary manasa ny olona rehetra hiankohoka amin'Andriamanitra, sy hiaina araka ny didiny.**





**Koa tsy hisy fitsarana ve rehefa tonga eto an-tany i Jesosy (1Tant. 16:33; 2Tim. 4:1)?**

**Rehefa tonga i Jesosy, dia hampihatra ny didim-pitsarana efa vita Izy, satria ho avy miaraka amin'ny "famaliana" Izy mba hamaliany "ny olona rehetra araka ny asany" (Apok. 22:12). Haniraka ny anjeliny Izy hanangona ny olom-boafidy (Mat. 24:31); sy hanangana amin'ny maty izay mino Azy (1Tes. 4:16). Mariho fa tsy hitsangana amin'ny maty ireo maty tsy mpino rehefa tonga i Jesosy, ka noho izany dia tsy hotsaraina amin'izay fotoana izay izy ireo (Apok. 20:4-5).**

# FAMINDRAM-PO SY NY RARINY

"Ary hisy seza fiandrianana hampitoerina amin'ny famindram-po, ka hisy hipetraka eo aminy amin'ny fahamarinana ao an-dain'i Davida, ary hitsara sy handinika izay marina izy, sady ho faingam-pamoaka ny rariny." (Isaia 16:5)

Ny didy 10 izay ao anatin'ny fiaran'ny fanekena no maneho ny fenitry ny fitsarana, dia ny fahamarinan'Andriamanitra (Mpitt. 12:13-14). Ny rako-panavotana izay eo anelanelan'ny lalàna sy ny fanatrehan'Andriamanitra no maneho ny famindrampon'Andriamanitra (1 Jao. 2:1-2).



**Nafafy teo amin'ny alitaran'ny fanatitra odorana ny rany**



Manomboka amin'ny fanekena ny fanatitra ataon'i Jesosy ny lalana mankeo amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra

**Ny rany nafafy teo amin'ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra**



mitohy amin'ny fiainana mifandray amin'i Kristy

**Ny rany teo amin'ny efitra lamba, teo anoloan'ny fiara**



ary mifarana rehefa miseho eo anolon'ny Mpitsara ny momba antsika





Ny rariny dia mitaky fanarahana ny Lalàna. Ny famindram-po dia manaiky ny fiainan'i Jesosy tonga lafatra ho solon'ny fiainantsika (1 Pet. 1:18-19). "Izany no ahatanterahana ny fitiavana amintsika, mba hananantsika fahasahiana amin'ny


# ILAY MPISOLOVAVA SY MPANELANELANA

"koa amin'izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao fifonana ho azy" (Hebreo 7:25)

Ny fiainan'i Jesosy dia naneho ny fitiavan'Andriamanitra teo amin'ny tontolo iray mila vonjy sy ny tontolo iray manara-maso izany. Maneho ny faharatsian'ny fahotana ny fahafatesany ary koa manome famonjena ho an'ny olombelona rehetra. Ny fanelanelanana ataony ao amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra no andraisana tombontsoan'ny fanavotana ho an'izay rehetra mananatsotra ny tanany am-pinoana handray izany.


Mandritra ny androm-piainantsika ary indrindra indrindra, amin'ny fotoanan'ny fitsarana, dia i Jesosy no Mpisolovava antsika (1 Jao. 2:1).




Ny asan'i Jesosy ao amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra dia mampianatra antsika:

- Fahatakarana mazava ny drafi-panavotana
- Ny fitakian'ny Lalàn'Andriamanitra
- Ny sandan'ny famonjena tsy hay tombanana
- Ny lalana izay sokafan'i Jesosy hahatongavana any amin'ny Ray
- Ny fahazoana antoka fa afaka manatona an'Andriamanitra amim-pahatokiana

Tsy ho ela dia hifarana ny Fitsarana ary "hiseho fanindroany, tsy amin'ota, amin'izay miandry Azy, ho famonjena" i Jesosy. (Heb. 9:28)

“Rehefa sokafana eo amin'ny fitsarana ireo boky, dia mandalo eo anatrehan'Andriamanitra ny fiainan'izay rehetra nino an'i Jesosy. Atombok'Ilay Mpisolovavantsika amin'izay velona voalohany teto antany ny fanehoana ny momba ireo taranaka mifandimby tsirairay, ka faranany amin'ny velona ankehitriny.

Aroso ny anarana tsirairay ary fakafakaina lalina ny aminy. Misy anarana ekena, misy lavina. [...]

Ho an'izay rehetra nibebaka marina ny amin'ny fahotany ka mitaky ny ran'i Kristy ho fanavotana azy amin'ny alalan'ny finoana, dia asiana soratra "Voavela" mifanitsy amin'ny anarany ao amin'ny bokin'ny lanitra; rehefa tonga mpiray amin'ny fahamarinan'i Kristy izy, ka hita fa minfandrindra amin'ny lalàn'Andriamanitra ny toetra amampanahiny, dia voakosoka ny fahotany, ary hisaina ho mendrika ny fiainana mandrakizay izy.”

EGW (Hery Mifanandrina, p. 499)

**“Ankehitriny isika dia mijoro eo amin’ny kianja, miandry sy miandrandra ilay fanantenana mahafinaritra, dia ny fisehoan’ny voninahitr’i Jesosy Kristy Tompo sy Mpamonjy antsika. […] Amin'ny fanelanelanana ataony amin'ny maha-mpisolovava Azy antsika, dia tsy ilain'i Kristy na ny fahamendrehan'olombelona, na ny fanelanelana ataony. Izy ihany no mitondra ny ota, ilay hany fanatitra noho ny ota. Ny vavaka sy fiaiken-keloka no entina eo Aminy izay niditra indray mandeha ao amin’ny Fitoerana Masina Indrindra. Hamonjy hatramin’ny farany izay rehetra manatona Azy amim-pinoana Izy. Velona mandrakizay hanao fifonana ho antsika Izy.”**

**EGW (Jesus Our Advocate, 1 Novambra)**